

---

# Fahasalamana sy Aretin'ny Ankizy

---

TOKO  
**21**  
295

INONA NY ATAO HIAROVANA NY FAHASALAMAN'NY ANKIZY



Ny Toko 11 sy 12 dia miresaka mikasika ny maha zava-dehibe ny sakafo be otrikaina, fahadiovana ary ny fanaovam-baksiny. Ireo ray aman-dreny dia tokony hamaky tsara ireo toko ireo ary hampiasa azy ireo mba hanampiana—sy hampianarana—ireo zanany. ireo teboka lehibe dia averina fohy eto.

## Sakafo Be Otrikaina

Zava-dehibe ny fihinan'ny ankizy sakafo be otrikaina izay misy mba hitomboany tsara sy tsy hankarary azy.

Ireo sakafo tsara indrindra ho an'ny ankizy arakaraky ny taonany dia:

- ◆ ny 6 volana voalohany: **nonon-dreny** fotsiny ihany.
- ◆ 6 volana hatramin'ny 1 taona: **nonon-dreny** sy **sakafo be otrikaina hafa koa**— toy ny serealy nampangotrahana, tsaramaso nopotserina, atody, hena, voankazo sy legioma nandrahoina.
- ◆ manomboka eo amin'ny 1 taona: tokony mihinana **sakafo mitovy amin'ny olon-dehibe ilay zaza**—saingy **matetika kokoa**. Ampio “sakafo mpanampy” toy ny voaresaka ao amin'ny Toko 11 ny sakafo fototra (vary, katsaka, varim-bazaha, ovy, na mangahazo).
- ◆ ny zava-dehibe indrindra dia tokony **ampy** ny sakafo omena ireo ankizy—im-betsaka ao anatin'ny tontolo andro.
- ◆ ny ray aman-dreny rehetra dia tokony mijery famantarana tsy fahampian-tsakafo eo amin'ireo ankizy ary manome azy ireo ny sakafo tsara indrindra azony omena.

## Fahadiovana

Azo inoana fa ho salama kokoa ireo ankizy raha madio lalandava ny tanàna, trano ary ny tenan'izy ireo. Araho ny Torolalana ho an'ny Fahadiovana voazava ao amin'ny Toko 12. Ampianaro hanaraka izany ireo ankizy—ary hahazo ny maha zava-dehibe izany. Ireto averina ireto ny torolalana lehibe indrindra:

- Ampandroy ary soloy matetika ny akanjon'ny ankizy.
- Ampianaro hanasa Tanana foana ireo ankizy rehefa mifoha amin'ny maraina, rehefa avy mangery, ary alohan'ny hihinana na hikarakara sakafo.
- Manamboara lava-piringa na 'tranokely ivelan'ny trano'—ary ampianaro hampiasa izany ireo ankizy.
- Amin'ny toerana misy ankylostome, aza avela handeha tsy mikiraro ny ankizy; ampanaovy kiraro na kapa.
- Ampianaro hiborosy ny nifiny ny ankizy; ary aza omena vatomamy, zava-mamy, na zava-pisotro misy entona be loatra.
- Tapaho fohy ny hohon-tanany.
- Aza avela miaraka matory miaraka amin'ny ankizy hafa na mampiasa lamba na servieta hitambarana amin'ny hafa ny ankizy marary na misy fery, voan'ny lagaly, misy hao, na ankylostome.
- Tsaboy haingana ny ankizy voan'ny lagaly, ankylostome, kankana, na otrikaretina hafa izay mora mifindra eo amin'ny samy ankizy.
- Aza avela manisy zavatra maloto any am-bavany ny ankizy, na mamela ny alika na saka hilelaka ny tarehiny.
- Aza avela hiditra ny trano ny kisoa, alika, na akoho.
- Aza mampiasa afa-tsy rano madio, nampangotrahana, na notatavanina atao fisotro. Zava-dehibe manokana izany ho an'ny zazakely.
- Aza omena sakafo amin'ny tavoahangin-jazakely ny zaza, satria sarotra ny mitandro ny fahadiovan'izany ary hitarika aretina. Omeo sakafo amin'ny sotrokely sy kaopy ny zazakely.


## Fanaovam-baksiny

Ny fanaovam-baksiny dia miaro ny zaza amin'ny aretina faran'izay mampidi-doza mpahazo ny ankizy—kohadavareny, difteria, tetanosy, lefakozatra, kitroto, raboka, hepatita, ary rotavirus.

Tokony atao ireo karazam-baksiny atao amin'ny taona tokony hanaovana azy ireo ankizy, toy ny hita ao amin'ny pejy 147. Ireo vaksiny miady amin'ny lefakozatra dia tokony atao vantany vao teraka ny zaza raha azo atao, saingy tsy tokony taran'ny

2 volana, satria ny fitombon'ny tahan'ny mety ho fahalemen'ny zaza (lefakozatra) dia miseho eo amin'ny zaza latsaky ny 1 taona.

Ny tetanosy mahazo ny zaza vao teraka dia azo sorohina amin'ny alalan'ny fanaovam-baksiny ireo reny mandritra ny fitondrany vohoka (jereo p. 250).



**Ataovy mahazo ireo vaksiny rehetra ilainy ireo ankizy.**

## NY FITOMBON'NY ZAZA—SY NY 'LALANA MANKANY AMIN'NY FAHASALAMANA'

mitombo tsara ny zaza salama. Raha mihinana sakafo be otrikaina ary tsy voan'ny aretina mahery vaika ny ankizy iray dia mitombo lanja isam-bolana.



### Ny ankizy mitombo tsara dia salama.

Ny ankizy mitombo lanja miadana kokoa noho ireo namany, mijanona tsy mitombo lanja, na very lanja dia tsy salama. Mety tsy ampy ny sakafo haniny na mety voan'ny aretina mahery vaika izy, na izy roa mitambatra.

Ny fomba tsara hijerena raha salama sy mihinana sakafo be otrikaina ampy azy izy dia ny fandanjana azy isam-bolana ary jereo raha mitombo lanja ara-dalàna izy. Raha voatahiry ao anatin'ny Tabilaon'ny Fahasalaman'ny Zaza ny lanjan'ny zaza isam-bolana dia mora ny ny hanarahana maso raha mitombo lanja ara-dalàna ilay zaza.

Raha ampiasaina tsara ny fafana dia haneho amin'ireo reny sy ny mpiasan'ny fahasalamana rehefa tsy mitombo ara-dalàna ny zaza, amin'izay mba afaka mihetsika izy ireo. Azon'izy ireo atao ny miantoka fa hahazo sakafo bebe kokoa ny zaza ary mizaha sy mitsabo ny aretina mety mahazo ilay ankizy.


Ao anatin'ny pejy manaraka dia misy Tabilaon'ny Fahasalaman'ny Zaza miavaka maneho ny 'làlana mankany amin'ny fahasalamana'. Azo atao ny mandrovitra ilay pejy ary mandika izany. Na azo atao ihany koa ny mahazo karatra lehibe kokoa efa vita (amin'ny teny anglisy, espaniola, portogay, na *Zulu*) avy amin'ny Fanampiana amin'ny Fampianarana Mora Vidy (TALC, jereo ny p. 431 ho an'ny adiresy). Misy karatra mitovy amin'izany izay namboarin'ny departemantan'ny Fahasalamana manerana ny firenena maro amin'ny teny eo an-toerana.

Hevitra tsara tokoa izany ho an'ireo reny mba hitehirizany Tabilaon'ny Fahasalaman'ny Zaza ho an'ireo zanany latsaky ny 5 taona tsirairay. Raha misy tobim-pahasalamana na klinika 'ho an'ny zaza latsaky ny dimy taona' eo akaiky dia tokony entiny ao miaraka amin'ny tabilaony ireo ankizy mba ho lanjaina sy ho 'zahana ny fahasalamana' isam-bolana. Afaka manampy amin'ny fanazavana ny Tabilao sy fampiasana azy ny mpiasan'ny fahasalamana. Mba hiarovana ny Tabilao dia ataovy ao anatin'ny fonony plastika hatrany.

### FANDANJANA NAMBOARINA TAO AN-TRANO

Azonao atao ny manamboatra fitaovam-pandanjana vita amin'ny hazo maina na bararata. Apetrao toy ny eo amin'ny sary ny farango rehetra ary ahantony ny fandanjana. Mba hanamboarana ny kg. mariho ny hazo, fenoy rano ny tavoahangy plastika iray litatra anakiroa. Apetrao eo amin'ny fanantonana ny zaza ny tavoahangy voalohany. Ahantony ny tavoahangy faharoa, mariho eo amin'ny toerana hifandan-jan'ny hazo tsara ny 1 kg. sns. Refeso amin'ny fitsipika ny elanelan'ireo marika ary asio marika ho an'ny 200, 400, 600, ary 800 grama.

farango roa eo amin'ny 5 sm. eo ny elanelany




marina ny lanja raha mijanona marindrano tsara ny hazo

### FANDANJANA MANDRAY AN-TSORATRA


Hita ao amin'ny TALC (jereo p. 431)

Mikorisa ao aorinan'ilay fandanjana ny tabilao ka afaka marihinao mivantana eo amin'ny tabilao ny lanjan'ny zaza.

Tsara kokoa ny manantona azy ity sy ireo fandanjana hafa manakaiky ny tany. Mety hatahotra ny fanantonana ambonny azy ny zaza.







WATCH THE DIRECTION OF THE LINE SHOWING THE CHILD'S GROWTH

GOOD  
Child growing well

DANGER  
Not gaining weight; find out why

VERY DANGEROUS  
Losing weight; May be ill; needs extra care

WRITE ON THE CHART

Any illness e.g. diarrhoea  
measles  
Admission to hospital  
Solids introduced  
Breast feeding stopped  
Birth of next child


like this —

Vit A given Measles  
Diarrhoea  
Admitted to hospital  
a-7 seen  
Extra meals given  
Worm medicine




**FAHAEFATRA**, araho ny tsipika izay mivoaka avy eo amin'ny 6

ary  
ny tsipika miakatra avy eo amin'ny aogositra.



Mora ny mahita ny toerana asiana ilay teboka raha asianao taratasy kely mahitsy zoro eo amin'ny tabilao.

1 alaharo amin'ny lanjan'ny zaza ny sisin'ny iray amin'ny taratasy.




2 Line up the other edge of the paper with the month.

3 Put the dot next to the corner of the paper.

Lanjao isam-bolana ny zaza ary ampio teboka iray eo amin'ny tabilao.

Raha salama tsara ny zaza dia ho ambony mihoatra ny teo aloha hatrany ilay teboka eo amin'ny tabilao.

Ampifandraiso amin'ny tsipika ireo teboka mba ahafantarana ny tena fitombon'ny zaza.



## Ny Fomba Famakiana ny Tabilaon'ny Fahasalaman'ny Zaza


Ireo tsipika roa mibiloka eo amin'ny tabilao dia manamarika ny 'Lalana Mankany amin'ny Fahasalamana' izay tokony arahan'ny lajan'ny zaza.

Ny filahatry ny teboka dia maneho ny lanjan'ny zaza isam-bolana, sy isan'taona.

Eo amin'ny ankabeazan'ny zaza salama, ny filahatry ny teboka dia milatsaka eo anelanelan'ireo tsipika roa mibiloka. Izany no mamahatonga ny elanelana eo amin'ireo tsipika antsoina hoe Lalana Mankany amin'ny Fahasalamana'.


Raha miakatra tsikelikely ireo filahatry ny teboka, isam-bolana, ary mitovy fizotra amin'ireo tsipika mibiloka dia famantarana ihany koa izany fa salama ilay zaza.

**Ny zaza salama** izay mihinana sakafo mahavelona ampy azy tsara matetika dia manomboka mipetraka, mandeha ary miteny amin'ireto fotoana voalaza eto ireto.



Tabilao manokan'ny ZAZA SALAMA SY AMPY SAKAFO

mipetraka tsy mila ampiana.




6 hatramin'ny 8 volana

Eo amin'ny zaza salama sy ampy sakafo, mitombo matetika ny lanja. Ny teboka matetika dia mijanona ao anatin'ny tsipika manambara ny Lalana Mankany amin'ny Fahasalamana.



**Ny zaza tsy ampy sakafo sy farofy** dia mety hanana tabilao toy ity eto ambany ity. Jereo fa ny filahatry ny teboka (ny lanjany) dia ambanin'ny Lalana Mankany amin'ny Fahasalamana. Ny filahatry ny teboka ihany koa dia mikorontana ary tsy miakatra loatra. Iany dia maneho fa misy loza manambana ny zaza.




Ny zaza manana tabilao toy ity anankiray ambony ity dia tsy ampy lanja be mihitsy. mety tsy ampy sakafo tsara izy. Na mety voan'ny aretina toy ny raboka na tazo. Tokony omena **sakafo feno hery matetika izy**. Tokony zahana sy itiliana aretina mety mahazo azy ihany koa izy, ary entina mijery mpiasan'ny fahasalamana matetika mandrapanehon'ny tabilaony fa mitombo lanja tsara izy.

**ZAVA-DEHIBE: Jereo ny fizotran'ny filahatry ny teboka.**


Ny fizotran'ny filahatr'ireo teboka dia manambara bebe kokoa mikasika ny fahasalaman'ilay zaza, na ao anatin'ny na eo ambanin'ireo tsiipika mibiloka izany. Ohatra:

**LOZA!** Tsy mitombo lanja ilay zaza.




Na dia ao anatin'ireo tsiipika roa mibiloka aza ireo teboka ho an'ity zaza ity. Tsy dia nitombo lanja firy ilay zaza tao anatin'ny volana maro.

**TSARA!** Mitombo lanja tsara ity zaza ity



Na dia ao ambanin'ireo tsiipika roa mibiloka aza ireo teboka ho an'ity zaza ity, ny fizotrany miakatra dia maneho fa mitombo tsara ilay zaza. Ny ankizy sasany dia kely kokoa noho ny sasany fa efa voajanahary izany. Mety kely kokoa noho ny tokony ho izy koa ireo ray aman-dreniny.



TABILAON'NY FAHASALAMAN'NY ZAZA MANOKANA MANEHO NY FIVOARAN'NY ZAZA:

Ity zaza ity dia salama ary nitombo lanja tsara nadritra ny 6 volana voalohany niainany, satria nampinono azy ny reniny.

Nomena nono

Eo amin'ny faha-6 volany, mitoe-jaza ilay reniny ary mitsahatra ny fampinonoana aza. Mihinana katsaka sy vary bebe kokoa izy. Mitsahatra ny fitomboany lanja.


tsy ampy sakafo

Eo amin'ny faha-10 volany dia voan'ny aretim-pivalanana lava izy ary manomboka very lanja. Lasa mahia sy farofy izy.

Aretim-pivalanana

Rehefa 13 volana ilay zaza dia nianatra ny fomba fanomezana sakafo tsara ampy ny zaza ny reniny eny fa na dia tsy manomboka na tany betsaka aza. Manomboka mitombo lanja haingana izy. Eo amin'ny faha-2 taonany dia tafaverina amin'ny Lalana Mankany amin'ny fahasalamana izy

Ampy sakafo



Ny Tabilaon'ny Fahasalaman'ny Zaza dia zava-dehibe. Raha ampiasaina amin'ny tokony ho izy, izy ireo dia manampy ireo reny halalala ny fotoana tena ilan'ny zanany sakafo be otrikaina sy fikarakarana manokana. Manampy ireo mpiasan'ny fahasalamana hamantatra bebe kokoa ny filàn'ny ankizy sy ny ankohonana misy azy izany. Izy ireo koa dia manampy ireo reny ahafantatra raha mety ny ataony.

## FAMERENANA IREO OLANA ARA-PAHASALAMANA MAHAZO NY ZAZA NORESAHANA TAMIN'IREO TOKO HAFA

Maro amin'ireo aretina noresahana ao anatin'ny toko hafa ato anatin'ity boky ity no hita amin'ireo ankizy. Averina resahana fohy ato anatin'ity ny sasany amin'ireo olana mateti-pitranga. Raha mila fanazavana fanampiny mikasika ireo olana tsirairay dia jereo ireo pejy voalaza.


Ho an'ny fikarakarana manokana ny olan'ireo zaza vao teraka dia jereo ny p. 270 hatramin'ny 275, sy p. 405.

**Tadidio fa:** Eo amin'ny zaza, ny aretina dia mora mivadika ho mahery vaika haingana be. Ny aretina izay maharitra andro na herinandro maro vao manimba na mamono ny olon-dehibe dia mety hamono ny zazakely ao anatin'ny ora vitsy. Noho izany dia zava-dehibe ny **mahatsikaritra ny famantarana mialoha ny aretina ary mitsabo izany eo no eo.**

### Zaza Tsy Ampy Sakafo

Maro amin'ireo ankizy no tsy ampy sakafo satria tsy ampy ny sakafo omena azy. Na raha tsy mihinana afa-tsy sakafo be rano sy fibra toy ny mangahazo, saonjo na vovo-katsaka izy ireo dia mety ho feno fotsiny ny kibony alohan'ny hahazoany sakafo feno hery ho an'ny filàn'ny vatany. Mety tsy ho ampy zavatra ihany koa ny sakafo hanin'ny zaza sasany toy ny Vitamina A (jereo p. 226) na ioda (jereo p. 130). Raha hijery ny resaka feno mikasika ny filàna ara-tsakafon'ny zaza dia vakio ny Toko 11, indrindra ireo pejy 120 hatramin'ny 122.

### IRETO ZAZA ROA IRETO DIA TSY AMPY SAKAFO



ny tsy fahampian-tsakafo dia mety hiteraka olana maro isan-karazany eo amin'ny zaza, ao anatin'izany:

#### Tranga malefaka:

- miadana fitombo
- kibo mibontsina
- mahia ny vatana
- tsy mazoto homana
- very ny hery
- hatsatra (tsy ampy rà)
- te hihinana zavatra maloto (tsy ampy rà)
- fery eo amin'ny zoron'ny vava
- voan'ny sery sy aretina hafa matetika
- tsy mahita amin'ny alina

#### Tranga mahery vaika kokoa:

- kely fitombo lanja na tsy mitombo mihitsy
- mivonto ny tongotra (indraindray ny tarehy koa)
- pentina mainty, 'mangana', fery mihofaka sady misokatra
- manify na mihintsana ny volo
- tsy te hime na hilalao
- misy fery ao anatin'ny vava
- tsy mitombo faharanitan-tsaina
- 'maina maso' (*xerophthalmia*)
- jamba (p. 226)

Ny endrika mahery vaika isehoan'ny tsy fahampian-tsakafo dia ny "tsy fahampian-tsakafo rehetra misy" na alofisaka, sy ny "tsy fahampian-tsakafo misy proteina" na kwashiorkor. Ny antony sy ny fisorohana azy dia resahana ao amin'ny p. 112 sy 113.

Ny famantarana tsy fahampian-tsakafo matetika dia miseho voalohany aorian'ny aretina mahery vaika toy ny aretim-pivalanana na kitrotro. Ny zaza marary na mihasitrana rehefa avy narary dia betsaka kokoa ny filàny sakafo noho ny zaza salama.

**Sorohy ary tsaboy amin'ny fanomezana SAKAFO AMPY ny zaza ary ny FANOMEZANA SAKAFO AZY MATETIKA KOKOA ny tsy fahampian-tsakafo. Ampio sakafo feno hery, toy ny menaka na tavin-kena, ny sakafo fototra hanin'ny zaza. Ezaho ihany koa ny manampy sakafo mitaiza hozatra sy miaro toy ny tsaramaso, lonjo, voankazo, legioma ary, raha azo atao, ronono, atody, trondro na hena**

## Aretim-pivalanana sy Fivalanan-drà


(Raha mila fanazavana feno dia jereo ny p. 153 hatramin'ny 160).

Ny tena maha zava-doza ny aretim-pivalanana eo amin'ny zaza dia ny **tsy fahampian-drano**, na ny fahaverezan-drano be loatra avy amin'ny vatana. Ny loza mety hitranga dia lehibe kokoa raha sady mandoa ilay zaza. Omeo **Zava-pisotro Famerenan-drano** (p. 152). Raha mbola minono ilay zaza dia **tohizo ny fampinonoana azy** sady omeo Zava-pisotro Famerenan-drano ihany.

Ny loza lehibe faharoa mety hitranga amin'ny zaza voan'ny aretim-pivalanana dia ny tsy fahampian-tsakafo. **Omeo sakafo be otrikaina ny zaza vantany vao afaka misakafo.**

Fanaviana (jereo p. 75)

Eo amin'ny zazakely, ny fisian'ny hafanana (mihoatra 39°) dia mivadika fanintona. Mba hampidinana ny hafanana dia **aboridano** ny zaza. Raha mitomany izy sady sorena dia omeo **acetaminophen** (paracetamol) na ibuprofen amin'ny fatrany tokoy ho izy (jereo p. 379), ary omeo rano betsaka. Raha mamay be izy sady malezolezo dia **lemo amin'ny rano mangatsiatsiaka (fa tsy mamananala) ary kopakopaho izy**. Ezaho ihany koa ny mamantatra ny anton'ny fanaviana ary tsaboy izany.




### Fanintona (jereo p. 178)

Ny anton'ny fanintona mateti-pitranga eo amin'ny zaza dia ny hafanany ambony be, tsy fahampian-drano, androbe, tazo, lefakozatra. Raha ambony be ny hafanana, ampidino haingana izany (jereo p. 76). Jereo ny famantarana tsy fahampian-drano (p. 151), tazo (p. 186), ary lefakozatra (p. 185). Ny fanintona mitranga tampoka tsy misy hafanana na famantarana hafa dia mety ho androbe (p. 178), indrindra raha salama tsara ny zaza eo anelanelan'ny fihetsehana. Ny fanintona na fivokonan-kozatra izay mampihenjana ny valanorano aloha ary mahazo ny vatana manontolo dia mety ho tetanosy (p. 182).



### Lefakozatra (jereo p. 185)

Ity aretina mampidi-doza ity dia mety vokatry ny fihombon'ny kitroto, donika na aretina mahery vaika hafa. Ny zaza manana reny voan'ny raboka dia mety ho voan'ny meneniza avy amin'ny raboka. Ny zaza tena marary be izay matory miandrindra, mihenjana be loatra ny tendany ka tsy afaka miondrika ary manao fihetsika hafahafa ny vatana (fanintona) dia mety voan'ny lefakozatra.



### Tsy fahampian-drà (jereo p. 124)

Ny famantarana mateti-pitranga eo amin'ny zaza:

- hatsatra, indritra ao ny anatin'ny hodi-maso, ny hihy, ary ny hohon-tanana
- Malemilemy, mora vizaka
- tia mihinana zavatra maloto

Ny antony mateti-pitranga:

- sakafo tsy ampy fera (p. 124)
- aretin'ny taova mitaiza (p. 145)
- ankylostome (p. 142)
- tazo (p. 186)



Fisorohana sy Fitsaboana:


- ◆ Mihinana sakafo feno fera toy ny hena sy ny atody. Ny tsaramaso, lonjo, voanjo, ary legioma maitso be ihany koa dia misy fera.
- ◆ Tsaboy ny anton'ny tsy fahampian-drà—ary aza mandeha tsy mikiraro raha miaina amin'ny toerana misy ankylostome.
- ◆ Raha miahiahy ny fisian'ny ankylostome ianao dia afaka mijery ny dikin'ny zaza amin'ny mikiraosikaopy ny mpiasan'ny fahasalamana. Raha ahitana atodina ankylostome izany dia tsaboy amin'ny fitsaboana ankylostome (p. 373 hatramin'ny 375).
- ◆ Raha ilaina dia omeo sira misy fera atelina (*ferrous sulfate*, p. 392).

**TANDREMO: Aza omena vongam-panafody misy fera ny zaza na ny ankizy madinika. Mety hanapoizina azy izany. Azonao atao kosa ny Manome azy fera miendrika rano. Na tototy ho lasa vovoka ilay vongam-panafody ary afangaroy amin'ny sakafo.**

## Kankana sy Katsentsitra Hafa ao anatin'ny Tsinay (jereo p. 140)

Raha misy kankana ny zaza iray ao anatin'ny ankohonana dia tokony tsaboina ny ankohonana manontolo. Mba hisorohana ny otrikaretina ateraky ny kankana, ireo ankizy dia tokony:

- ◆ Manaraka ireo Torolalana Mikasika ny Fahadiovana (p. 133).
- ◆ Mampiasa lava-piringa.
- ◆ Tsy mandeha tsy manao kiraro.
- ◆ Tsy mihinana hena na trondro manta na tsy masaka tsara mihitsy .
- ◆ Tsy misotro afa-tsy rano madio na avy nampangotrahana.




## Aretin-koditra (jereo ny Toko 15)

### Ireo tena mpahazo ny ankizy dia ny:

- lagaly (p. 199)
- fery manonitra sy bay mitsiranoka (p. 201 sy 202)
- tsindoha sy holatra hafa (p. 205)


Mba hisorohana ny aretin-koditra dia araho ireo Torolalana Mikasika ny Fahadiovana (p. 133).

- ◆ Ampandroy matetika ary esory matetika ny haon'ny zaza.
- ◆ Fehezo ny kongona, haofotsy, ary ny lagaly.
- ◆ Aza avela miaraka matory na milalao amin'ireo ankizy hafa ny ankizy voan'ny lagaly, misy hao, tsindoha na fery manonitra. Tsaboy mialoha izy ireo.



## Takodimena (Conjunctivitis) (jereo p. 219)

Fafao ataovy madio amin'ny lamba kely madio nolemanana matetika isan'andro ny hodi-maso. Hosory antibiotika miendrika menaka ho an'ny maso (p. 378) **ao anatin'ny** hodi-maso in-3 na in-4 isan'andro. Aza avela miaraka matory na milalao amin'ireo ankizy hafa ny ankizy voan'ny takodimena. Raha tsy sitrana ao anatin'ny andro vitsy izy dia ento manatona mpiasan'ny fahasalamana.



## Sery sy 'Gripa' (jereo p. 163)

Ny gripa efa mahazatra, orona mitsory lelo, misy hafanana, mikohaka, mety ho voan'ny aretin-tenda, ary indraindray dia misy aretim-pivalanana, dia mateti-pitranga ary tsy atahorana eo amin'ny ankizy.

Tsaboy amin'ny rano be dia be. Omeo acetaminophen (jereo p. 379). Avelao hijanona eo am-pandriana ny zaza raha te-hanao izany izy. Ny sakafo tsara sy voankazo be dia be dia manampy ny ankizy hisoroka ny sery sy ho sitrana haingana.



Ny penicillin, tetracycline, ary antibiotika hafa dia tsy mandaitra amin'ny sery na ny 'gripa'. Tsy mila tsindrona ny sery.

Raha lasa marary be, miakatra hafanana ary miaina lalina sy haingana ny zaza voan'ny sery dia mety voan'ny **pnemonia** izy (jereo p. 171), ary tokony omena antibiotika. Jereo ihany koa ny aretin'ny sofina (pejy manaraka) na 'aretin-tenda ateraky ny *streptocoque*' (p. 310).

## OLANA ARA-PAHASALAMAN'NY ZAZA TSY VOARESAKA AO AMIN'IREO TOKO HAFA

### Sofina Marary na Aretina Mahazo ny Sofina

Ny aretin-tsofina dia mpahazo ny zaza madinika. Matetika dia manomboka ao anatin'ny andro vitsy ny aretina ary arahana sery na orona tsentsina. Mety hiakatra ny hafanana ary hitomany lava sy hikosoka ny ila-lohany matetika ny zaza.

Mety hisy nana ny ao anaty sofiny. Eo amin'ny zaza madinika, ny aretin-tsofina indraindray dia miteraka fandoavana na aretim-pivalanana. Koa raha voan'ny aretim-pivalanana na manavy ny zaza dia jereo ny sofiny.



nana

#### *Fitsaboana:*

- ◆ Mety hanaintaina be ny aretin-tsofina. Fa raha tsy marary lava kosa izy dia tokony afaka ho azy ny aretina. Omeo acetaminophen (p. 379) ho an'ny fanaintainana.
- ◆ Raha efa tsy dia salama loatra ilay zaza, na tsy mety afaka aorian'ny andro vitsy ny aretin-tsofina, na misy nana na rà dia omeo cotrimoxazole (p. 357) na amoxicillin (p. 352). **Omeo antibiotika foana ny zaza 6 volana na latsaka voan'ny aretin-tsofina.**
- ◆ Diovy moramora amin'ny vovon-dandihazo ny nana eo ivelan'ny sofina, saingy aza sokirina amin'ny vovon-dandihazo, hazokely, ravinkazo na zavatra hafa ny sofiny. Ny zaza misy nana mivoaka ny sofiny dia mila ampandroina matetika ary tsy tokony hilomano herinandro aorian'ny fahasitranany farafahakeliny.

#### *Fisorohana:*


- ◆ Ampianaro hamafa fa **tsy** hanisina ny orony ny ankizy rehefa voan'ny sery.
- ◆ Aza omena sakafo amin'ny tavoahangin-jazakely ny zaza—na raha manao izany ianao dia aza avela hitsilany izy rehefa misotro amin'izany satria mety hiakatra any amin'ny orony ny ronono ary hitarika aretin-tsofina.
- ◆ Raha tsentsina ny oron'ny zaza dia mampiasà ranon-tsira atete na trohy araky ny nampianarina ao amin'ny p. 164 ny lelony.

#### **Otrikaretina ao anatin'ny fantson'ny sofina:**

Mba ahafantarana fa misy otrikaretina ny fantsona mankany anaty sofina dia sintony moramora ny sofina. Raha manaintaina izany dia misy otrikaretina ny fantsona. Andefaso rano kely misy vinaingitra in-3 na in-4 isan'andro ao anatin'ny sofina. (Afangaroy amin'ny vinaingitra 1 sotro ny rano nampangotrahana 1 sotro). Raha misy hafanana na nana dia mampiasà antibiotika ihany koa.

#### **Aretin-tenda sy Kambon-tenda Mivonto**

ireo aretina ireo dia matetika miantomboka amin'ny sery tsotra. Mety ho mena ny tenda ary mety harary rehefa mitelina ilay ankizy. Ny kambon-tenda (atody tarimo roa toy ny fivontosana kely eo amin'ny sisin'ny roa any amin'ny faran'ny tenda) dia mety hiitatra, hanaintaina ary hamori-nana. Mety hahatratra 40° ny hafanana.



#### *Fitsaboana:*

- ◆ Manaova gararaka amin'ny ranon-tsira matimaty (sira 1 sotrokely atao ao anaty rano iray vera).
- ◆ Mihinana acetaminophen hanalana ny fanaintainana.
- ◆ Ataovy azo antoka fa misotro rano tsara ny zaza na dia marary aza ny mitelina. Ezaho omena dite na ranom-boakazo notapohana rano izy.

Raha miseho tampoka ny hafanana sy ny fanaintainana na mitohy mihoatra ny 3 andro dia jereo ny pejy manaraka.

### Ny Aretin-tenda sy ny Loza Mety Ateraky ny Rohana:

Ho an'ny aretin-tenda izay miaraka amin'ny sery na gripa, ny antibiotika dia tsy tokony ampiasaina ary tsy mahatsara. Tsaboy amin'ny gararaka sy acetaminophen.

Na izany aza, ny karazana aretin-tenda iray—antsoina hoe **aretin-tenda ateraky ny streptocoque**—dia mila tsaboina amin'ny penicillin. Matetika mahazo ny ankizy sy ny zatovo izy io ary mitranga tampoka miaraka amin'ny aretin-tenda mahery vaika sy hafanana ambony ary tsy misy famantarana sery na kohaka. Ny ao ambadiky ny vava sy ny kambon-tenda dia mena be ary atody tarimo ao ambanin'ny valanorano na eo amin'ny tenda dia mety mivonto sy malemy.


Omeo penicillin (p. 350) mandritra ny 10 andro. Raha omena mialoha ny penicillin ary tohizana mandritra ny 10 andro dia hihena ny tahan'ny mety hahavoan'ny rohana. Ny ankizy voan'ny **aretin-tenda ateraky ny streptocoque** dia mila mitokana rehefa misakafo sy matory fa tsy miaraka amin'ny hafa mba hisorohana ny fifindran'ny aretina.

### Rohana

Io aretina io dia mahazo ny ankizy sy ny zatovo. Izay io matetika dia manomboka 1 na 3 herinandro aorian'ny nahavoan'ny aretin-tenda ateraky ny streptocoque ilay olona (jereo eo ambony).

Famantarana fototra (matetika dia ny iray amin'ireo famantarana ireo ihany no mitranga):

- hafanana
- marary ny tonon-taolana, indrindra ny tonon-tanana sy ny kitrokely, aty aoriana dia marary ny lohalika sy ny kiho. Lasa mivonto ny tonon-taolana, ary matetika dia mamay sy menamena.
- misy tsipika mibiloka miloko mena na mivonto ao ambanin'ny hoditra
- fihetsika tsy voafehy
- amin'ny tranga mahery vaika kokoa dia malemitemy, misefosefo, ary mety marary tratra ilay olona



### Fitsaboana:

- ♦ Raha miahiahy ny fisian'ny rohana ianao dia mandehana manantona mpiasan'ny fahasalamana. Mety hiteraka fahasimban'ny fo izany.
- ♦ Omeo penicillin (jereo p. 350).
- ♦ Mihinàna aspirinina amin'ny fatra betsaka (p. 378). Ny ankizy 12 taona dia afaka mihinana hatramin'ny vongany 300 mg. miisa 2 in-4 isan'andro. Hano miaraka amin'ny ronono na sakafo mba hisorohana ny aretim-bavony. Raha manomboka maneno ny sofina dia ahenao ny fatrany.

### Fisorohana:

- ♦ Mba hisorohana ny rohana dia tsaboy mialoha amin'ny aretin-tenda ateraky ny streptocoque—mandritra ny 10 andro.
- ♦ Mba hisorohana ny fiverenan'ny rohana ary hanimba ny fo, ny ankizy efa voan'ny rohana taloha dia tokony mihinana penicillin mandritra ny 10 andro vantany vao misy famantarana aretin-tenda. Raha maneho famantarana fahasimban'ny fo sahady izy dia mila mihinana penicillin matetika na mitsindrona benzathine penicillin isam-bolana (p. 351) mandrapahafatiny angamba. Araho ny toromariky ny mpiasan'ny fahasalamana na dokotera.



## ARETI-MIFINDRAN'NY ZAZA


### Nendram-boalavo

Io aretina ateraky ny mikraoba malefaka io dia manomboka 2 hatramin'ny 3 herinandro aorian'ny nifampikasohan'ny zaza tamin'ny zaza voan'ny aretina.

*Famantarana:*



pentina.  
mibontsin-  
drano, ary  
takom-pery



Amin'ny voalohany dia miseho ny pentina kely miloko mena sy mangidihidy. Mivadika mamontsina na mibontsin-drano kely avy eo dia vaky ary farany dia manakom-pery. Matetika izy ireo dia manomboka eo amin'ny vatana ary avy eo dia mankeo amin'ny tarehy, ny sandry ary ny tongotra. Mety samy hipoitra eo avokoa ny pentina, ny mibontsin-drano ary ny takom-pery. Matetika dia malefaka ny hafanana.

### *Fitsaboana:*

Matetika ny aretina dia afaka ao anatin'ny herinandro. Ampandroy isan'andro amin'ny savony malefaka sy rano mafana ny zaza. Mba hanamaivanana ny hidihidy dia petapetaho lamba mangatsiatsiaka nalona tao anaty rano nampangotrahana niaraka tamin'ny flocons d'avoine nofihazana. Tapaho fohy kely ny hohony. Raha manonitra ny takom-pery dia ataovy madio tsara hatrany izy ireo. Asio lamba kely mamay sy nomandoina ary asio antibiotika miendrika menaka fanosotra eo amboniny. Ezaho sakanana tsy hihoatra ilay ankizy.

### Kitrotra

Io otrikaretina ateraky ny mikraoba io dia **mampidi-doza tokoa ho an'ny ankizy** izay **tsy ampy sakafo** ary voan'ny **raboka**. Fobandro aorian'ny nifampikasohana tamin'ny olona voan'ny raboka, izy io dia manomboka amin'ny famantarana sery—hafanana, orona mitsory lelo, mena maso, ary mikohaka.

Miha marary ilay zaza. Mety hanaintaina be ny vava ary ary mety ho voan'ny aretim-pivalanana izy.



Aorian'ny 2 na 3 andro dia misy pentina kely fotsy toy ny sira ny ati-vavany. Iray na 2 andro aty aoriana dia mipoitra ny mitsibontsina—ao ambadiky ny sofina sy ny hatoka amin'ny voalohany, avy eo dia eo amin'ny tarehy sy ny vatana, ary farany dia amin'ny sandry sy ny ranjo. Rehefa aorian'ny fitrangan'ny bontsibontsina dia mihatsara ny fahasalaman'ny zaza. Maharitra eo amin'ny 5 andro eo ny bontsibontsina. Indraindray dia misy pentina mainty miparitaka ateraky ny fandehanan-drà ao anatin'ny hoditra ('kitrotra mainty'). Izany dia midika fa tena mahery vaika ny aretina. Manatona dokotera.

### *Fitsaboana:*

- ◆ Mila mijanona ao am-pandriana, misotro rano betsaka ary omena sakafo be otrikaina ny zaza. Raha tsy afaka mitelina sakafo mafy izy dia omeo rano toy ny lasopy. Raha tsy afaka minono ilay zazakely dia omeo nono amin'ny sotro (jereo p. 120).
- ◆ Raha azo atao dia omeo vitamina A mba hisorohana ny fahasimban'ny maso (p. 391).
- ◆ Omeo acetaminophen (na ibuprofen) ho an'ny hafanana sy ny fahasorenana.
- ◆ Raha misy aretin-tsofina dia omeo antibiotika (p. 350).
- ◆ Raha misy famantarana pnemonia, lefakozatra, na fanaintainana be ao anaty sofina na ny vavony dia manatona dokotera.
- ◆ Raha voan'ny aretim-pivalanana ilay zaza dia omeo Zava-pisotro Famerenan-drano (p. 152).

*Fisorohana ny Kitroto:*

Ireo ankizy voan'ny kitroto dia tokony miala lavitra ireo ankizy hafa eny fa ny mpiray tampò aminy koa aza. Ezaho manokana ny miaro ireo ankizy tsy ampy sakafo na voan'ny raboka na aretina mitaiza hafa. Ny ankizy avy amin'ny ankohonana hafa dia tsy tokony miditra amin'ny trano misy kitroto. Raha mbola tsy voan'ny kitroto ny ankizy ao anatin'ny ankohonana misy voan'ny kitroto dia tsy tokony mandeha mianatra na miantseha na mandeha amin'ny toerana be olona mandritra ny 10 andro izy ireo.

**Mba hisorohana ny kitroto tsy hamono ny ankizy dia ataovy ampy sakafo tsara ny ankizy rehetra. Ary ataovy vaksiny miady amin'ny kitroto ireo ankizy.**

**Bonibony**

Ny bonibony dia tsy mahery vaika noho ny kitroto. Maharitra 3 na 4 andro izy ireo. Malefaka ny bontsibontsina. Matetika ny atody tarimo ao ambadiky ny loha sy ny tenda dia mivonto ary malemitemy. Matetika dia misy hafanana kely.

Tokony mijanona ao am-pandriana ilay ankizy ary mihinana acetaminophen na ibuprofen raha ilaina. Ny vehivavy voan'ny bonibony mandritra ny 3 volana voalohany hitondrany vohoka dia mety hiteraka zaza misy kilema. Noho izany antony izany, **ireo vehivavy mitondra vohoka** ka tsy mbola voan'ny bonibony—na tsy azony antoka tsara—**dia tokony manalavitra** ireo ankizy voan'io karazana kitroto io. Ny ankizivavy na vehivavy tsy mitondra vohoka dia afaka miezaka manao voan'ny bonibony alohan'ny hitondrany vohoka. Misy vaksiny ho an'ny bonibony saingy indraindray dia tsy misy eo an-toerana izany.


**Donika**

Ny famantarana azy voalohany dia manomboka 2 na 3 herinandro aorian'ny fifampikasohana amin'ny olona voan'ny donika.

Ny fiantombohan'ny donika dia hafanana sy fanaintainana rehefa manokatra ny vava na misakafo. Ao anatin'ny 2 andro dia misy fivontosana malefaka miseho eo ambanin'ny sofina, eo amin'ny zoron'ny valanorano. Matetika izany dia mitranga eo amin'ny ilany, avy eo dia mipoitra ny eo amin'ny ilany.

*Fitsaboana:*

Miala ho azy ao anatin'ny 10 andro eo ho eo ny fivontosana, tsy mila fanafody. Azo atao ny mihinana acetaminophen na ibuprofen ho an'ny fanaintainana sy ny hafanana. Omeo sakafo malemy mampatanjaka izy ary ataovy madio hatrany ny ati-vavany.

*Fahasarotana:*

Eo amin'ny olon-dehibe sy ny ankizy mihoatra ny 11 taona, aorian'ny herinandro voalohany dia mety hisy marary ao anaty kibo na fivontosana manaintaina eo amin'ny vihindahy. Ireo olona misy izany fivontosana izany dia tokony tony tsara ary mametraka rano mandry na lamba lena mangatsiaka eo ambonin'ny faritra mivonto mba hampihenana ny fanaintainana sy ny fivontosana.

Raha misy famantarana lefakozatra na olana eo amin'ny fahenoana mitranga dia manatona dokotera (p. 185).

## Kohadavareny

Ny kohadavareny dia miantomboka herinandro na roa erinandro aorian'ny fifampikasohana tamin'ny ankizy voan'io aretina io. Izy io dia manomboka toy ny sery misy hafanana, orona mitsory lelo ary kohaka.

Roa herinandro aty aoriana dia manomboka ny kohadavareny. Mikohaka haingana tsy miato ilay zaza mandrapisy rehoka mivoaka, miverina ao anatin'ny avokavony miaraka amin'ny feo toy ny misioka ny rivotra. Rehefa mikohaka izy, mety ho mangana ny molony sy ny hohony noho ny tsy fahampian-drivotra. Aorian'ilay misioka dia mety handoa izy. Eo anelanelan'ny kohoka dia toa salama ihany ilay zaza.



Ny kohadavareny matetika dia maharitra 3 volana na mihoatra.

Ny kohadavareny dia **mampidi-doza manokana ho an'ny zazakely** latsaky 1 taona, koa ataovy vaksiny aloha be ny zaza. Ny zazakely dia tsy maneno tratra toy ny mahazatra noho izany dia sarotra ny mahafantatra raha kohadavareny ny mahazo azy na tsia. Raha mihetsika kohaka be ny zazakely ary bongo ny masony na misy trangana kohadavareny eo amin'ny toerana misy anareo dia tsaboy amin'ny fomba fitsaboana kohadavareny **eo no eo** izy.

### Fitsaboana:

- ◆ Ny antibiotika dia manampy raha tena vao manomboka ny kohaka mitarika, alohan'ny tena iantombohany ho kohadavareny. Zava-dehibe tokoa ny mitsabo ny zazakely latsaky ny 6 volana vantany vao mitranga ny famantarana voalohany. Mampiasà erythromycin (p. 354). Raha tsy manana erythromycin ianao dia andramo ny cotrimoxazole (p. 357), saingy aza mampiasa cotrimoxazole raha tsy amin'ny ankizy mihoatra ny 8 herinandro.
- ◆ Raha miteraka fanintona ny kohaka, mety hanampy ny phenobarbital (p. 389).
- ◆ Raha tsy miaina intsony ny zaza aorian'ny kohaka dia ataovy mihohoka izy ary esory amin'ny rantsan-tananao ny rehoka ao am-bavany. Avy eo dia kapokapohy amin'ny felan-tananao ny lamosiny.
- ◆ Mba hisorohana ny fahaverezan-danja sy ny tsy fahampian-tsakafo dia ataovy azo antoka fa mihinana sakafo be otrikaina ilay zaza. Omeo sakafo sy rano izy fotoana fohy aorian'ny nandoavany.

### Fahasarotana:

Ny fandehanan-drà mena be ao anatin'ny faritra fotsy eo amin'ny maso dia mety ateraky ny fikohafana. Tsy mila fitsaboana izany (jereo p. 224). Raha mifanintona na misy famantarana pnemonia (p. 171), manatòna dokotera.

**Arovy amin'ny kohadavareny ny ankizy rehetra. Ataovy azo antoka fa vita vaksiny izy eo amin'ny faha-2, 4, 6, ary 18 volany.**

## Difteria

Ny fiantombohan'izy io dia toy ny sery misy hafanana, aretin-tenda, ary farim-peo. Mety hisy zavatra manarona na hoditra manify miloko mavolon-davenona any amin'ny faran'ny tenda, ary indraindray ao anatin'ny orona na molotra. Mety hivonto ny tendan'ny zaza. Maimbo be ny fofon'ainy.



Raha ahianao ho voan'ny difteria ny zaza iray dia:

- ◆ Ampatorio amin'ny fandriana amin'ny efitra mitokana tsy miaraka amin'ireo olona hafa izy.
- ◆ Mahazoa fitsaboana avy amin'ny dokotera haingana. Misy antitoxine manokana ho an'ny difteria.
- ◆ Omeo penicillin, vongam-panafody 1 amin'ny 400,000 units, i n - 3 isan'andro mandritra ho an'ny zaza lehibe. Na omeo erythromycin (p. 354).
- ◆ Ampanaovy gararaka amin'ny ranon-tsira izy.
- ◆ Ampanaovy evoka amin'ny rano mamay matetika na mitohitohy izy (p. 168).
- ◆ Ataovy misotro rano kely foana izy na dia marary aza ny mitelina.
- ◆ Raha manomboka sempotra na lasa mangana ilay ankizy dia ezaho esorina amin'ny lamba nahodina amin'ny fanondronao ilay hoditra manify ao an-tendany.

Ny difteria dia areti-mandoza izay afaka sorohana mora foana amin'ny fanaovana vaksiny DPT. **Ataovy vaksiny ny zanakareo.**

### Fahalemen'ny Zaza (Polio, Lefakozatra)


Ny lefakozatra dia mitranga amin'ny zaza latsaky ny 2 taona. Izy io dia ateraky ny mikraoba mitovy amin'ny sery, matetika misy hafanana, fandoavana, aretim-pivalanana ary manaintaina ny hozatra. Matetika dia sitrana tanteraka ao anatin'ny andro vitsy ny zaza. Saingy indraindray dia misy faritra amin'ny vatana la sa malemy na tsy afa-mihetsika. Matetika dia mahazo ny iray na ny tongotra roa izany. Rehefa mandeha ny fotoana dia miha mahia ary tsy miaraka mitombo amin'ilay ranjo ilany ilay ranjo malemy.

#### *Fitsaboana:*

Rehefa manomboka ny aretina dia tsy misy fanafody afaka manitsy ny fahalemena. (Na izany aza dia misy faritra sasany na ireo hery rehetra dia miverina miadana). Tsy mandaitra ny antibiotika. Ho an'ny fitsaboana atomboka mialoha, ahenao amin'ny acetaminophen na ibuprofen ny fanaintainana ary asio lamba nalona tamin'ny rano mafana ny hozatra manaintaina. Ataovy amin'ny fipetraka mampahazo aina azy ny zaza azy fadio ny fikainkon-kozatra. Ahitsio moramora ny sandriny sy ny tongony mba hitsotra mahitsy araka izay azo atao. Asio ondana ao amin'ny laferany raha ilaina mba hampihena ny fanaintainana, saingy ezaho atao mahitsy foana ny lohaliny.

#### *Fisorohana:*

- ◆ Ny fanaovam-baksiny miady amin'ny lefakozatra no fiarovana tsara indrindra (p.147)
- ◆ Aza tsindronina fanafody ny zaza raha eritreretinao fa ireo famantarana sery na hafanana eo aminy dia vokatry ny mikraoban'ny lefakozatra. Na dia tsy dia mpitranga matetika aza izany, ny firehetana ateraky ny tsindrona dia mety hanova ny trangana lefakozatra malefaka tsy misy fahalemena ho lasa trangana lefakozatra mahery vaika miteraka fahalemena tanteraka. **Aza tsindronina fanafody mihitsy ny zaza raha tsy tena tsy maintsy ilaina.**
- ◆ Omeo nono hatrany ny zanakao raha mbola azo atao. Miaro ny zanakao amin'ny otrikaretina ny fampinonoana, ao anatin'izany ny lefakozatra.




**Ataovy vaksiny miaro amin'ny lefakozatra ny zaza rehetra.**


Ny zaza lasa malemin'ny lefakozatra dia tokony mihinana sakafo be otrikaina ary manao fanatanjahan-tena mba hanatanjahana ireo hozatra tavela.

Ampio hianatra handeha araka izay azony atao ny zaza. Manamboara hazo 2 toy ireto hitehenany, ary aty aoriana dia anamboary tehina izy. Ny vy fanintsiana tongotra (solon-tongotra), tehina, na fanampiana hafa dia mety hanampy ilay zaza hahay handeha kokoa ary hisoroka fahasamponana.

Raha mila fanazavana fanampiny mikasika ny lefakozatra sy ny kilema mahazo ny zaza dia jereo ny *Ankizy Manan-kilema eo An-tanàna*, navoakan'ny Hesperian ihany koa.




#### AHOANA NY FANAMBOARANA TEHINA TSOTRA



Valahana mivilana

Ny zaza sasany dia teraka miaraka amin'ny valahana mivilana—niala tamin'ireo tonony ao anatin'ny taola-maoja ilay taolana. Ny fitsaboana mialoha dia misoroka fahasimbana maharitra sy fandringtona. Noho izany dia tokony zahana ny zaza sao mivilana ny valahany ao anatin'ny 10 andro aorian'ny nahaterahany.



1. Ampitovio ireo tongotra 2. Raha mivilana ny valahana iray dia mety haneho ireto manaraka ireto io ilany io:

Ny feny ambony dia hanarona amin'ny ampahany ilay faritry ny vatana eo amin'ilay ila mivilana.

Vitsy ny ketrona eto.

Mety ho fohy ilay tongotra na hafahafa ny fihodiny.

2. Tazony ireo tongotra roa ary aforeto toy izao ny lohaliny,



Ary sokafy tsara toy izao.

Raha tsy mijanona tsy misokatra mialoha ny tongotra iray na mitsamboatra na mipoaka kely rehefa sokafanao mivelatra dia mivilana ny valahana.

Fitsaboana:


Lanjao toy izao ilay zaza, ataovy ambony ny lohaliny ary ataovy misabaka:

Jereo indray ilay zaza afaka 2 herinandro. Raha mbola enonao mitsamboatra na mipoaka kely dia mandehana manantona mpiasan'ny fahasalamana. Ny lasely izay mihazona ny tongotry ny zaza hisokatra mandritra ny 2 herinandro dia mety hisoroka fahasimbana maharitra.



### Fipotsahan’ny Tsinay Eo Amin’ny Foitra (Foitra Mivoitra)

Tsy misy olana ny foitra mivoitra toy izao. Tsy ilaina ny fanafody na fitsaboana. Ny fangejana izany amin’ny lamba na ‘bandy ho an’ny kibo’ manodidina ny kibo dia tsy manampy.



Na ny foitra mivoitra be toy ity aza dia tsy mampidi-doza ary matetika dia afaka ho azy. Raha mbola eo foana izany aorinan’ny faha-5 taonany dia mety ilaina ny fandidiana. Manontania ny dokotera

### ‘Vihindahy Mivonto’ (Fitsoni-dranon’ny Fonon’ny Vihindahy na Fipotsahan’ny Tsinay)

Raha mivonto ny ilan’ny scrotum na ilay kitapo kely mamono ny vihindahy, midika izany fa feno rano (Fitsoni-dranon’ny Fonon’ny Vihindahy) na mety misy ampahana tsinay tafiditra ao anatin’ny (fipotsahan’ny tsinay).

Mba hamantarana ny antony dia tarafa jiro eo amin’ny fivontosana.



Raha mitaratra mora foana ao anatin’ny jiro dia mety **fitsoni-dranon’ny fonon’ny vihindahy**.

Raha tsy mitaratra ao anatin’ny jiro ary mihangeza ilay fivontosana rehefa mikohaka na mitomany ilay zaza dia **fipotsahan’ny tsinay** izany.


Indraindray ny **fipotsahan’ny tsinay** dia miteraka fivontosana eto amin’ny zazalahy na zazavavy.



Ny fitsoni-dranon’ny fonon’ny vihindahy matetika dia miala ho azy amin’ny fotoanany tsy mila fitsaboana. Raha maharitra mihoatra ny iray taona nefa izany dia manatona dokotera.



Mila fandidiana ny fipotsahan’ny tsinay (jereo p. 177).



Hitanao amin’ny fivontosan’ny atody tarimo izy io (p. 88) satria ny fipotsahan’ny tsinay dia mivonto rehefa mitomany na hazonina mitsangana ny zaza ary manjavona rehefa mandry izy.

## FAHAMEDANA ARA-TSAINA, MARENINA, NA FAHASAMPONAN'NY ZAZA

Indraindray ny ray aman-dreny dia miteraka zaza marenina, meda ara-tsaina (misy fahatarana), na *tsy fahatomombanana hatrany am-bohoka* (misy tsy mety amin'ny faritry ny vatany). Indraindray dia mety hita ny antony. Tsy misy azo omena tsiny. Matetika izany dia ateraky ny kisendrasendra.

Na izany aza, misy zavatra sasany izay azo inoana fa mety mahatonga ny fahasamponan'ny zaza. **Azo inoana fa tsy hisy fahasamponana ny zaza raha mandray fepetra sasantsasany ireo ray aman-dreny.**

1. **Ny tsy fahampian'ny sakafao be otrikaina** mandritra ny fitondrana vohoka dia mety hiteraka fahamedana na fahasamponana eo amin'ny zaza.

**Mba hahazoana zaza salama, ireo vehivavy mitondra vohoka dia mila mihinana sakafao be otrikaina betsaka** (jereo p. 110)

2. **Ny tsy fahampiana ioda** eo amin'ny sakafon'ny vehivavy mitondra vohoka dia mety hiteraka *hypothyroidism* (fiondranondranana) eo amin'ny zanany. Mivonto ary maloka ny tarehin'ilay zaza. Mety hijanona mavo ny lokon'ny hodiny sy ny masony (ngorongosy) mandritry ny fotoana lava aorian'ny nahaterahany. Mivoaka ny lelany, ary mety be ho be volo ny andriny. Malemilemy izy, tsy miery misakafao, tsy dia mitomany firy, ary be torimaso. Meda ara-tsaina izy, mety ho marenina, ary matetika dia voan'ny fipotsahan'ny tsinay eo amin'ny foitra. Tara noho ireo zaza tomombana ny fanombohany mandeha sy miresaka.

**Mba hisorohana ny hypothyroidism, ireo vehivavy mitondra vohoka dia tokony mampiasa sira misy ioda fa tsy sira tsotra** (jereo p. 130).

Raha ahianao ho voan'ny *hypothyroidism* ny zanakao dia ento eny amin'ny mpiasan'ny fahasalamana na dokotera eo no eo izy. Raha atomboka mialoha ny fanomezana azy fanafody manokana (*thyroid*) dia ho lasa toy ny zaza rehetra izy.

3. **Ny fifohana sigara na ny fisotroana** zava-pisotro misy alikaola mandritra ny fitondrana vohoka dia mahatonga ny zaza ho kely eo am-piterahana na hanana olana hafa (jereo p. 149). **Aza misotro toaka sy mifoka sigara—insrindra mandritra ny fitondrana vohoka.**

4. **Aorian'ny faha-35 taona**, lehibe kokoa ny tahan'ny mety hiterahan'ny reny zaza sampona. Ny mongolisme na aretin'i Down (trisomy), izay somary mitovy amin'ny hypothyroidism, dia azo inoana fa hahazo ny zaza ateraky ny reny efa mandroso taona.

**Tsara kokoa ny mandrindra fiainam-pianakaviana mba tsy hiterahana intsony aorian'ny faha 35 taona** (jereo ny Toko 20).

5. **Maro iro fanafody** mety hanimba ny zaza ao am-bohoka. **Ataovy kely araka izay azo atao ny fanafody hanina mandritra ny fitondrana vohoka—ary aza mihinana afa-tsy ireo fantatra fa tsy hanimba.**

6. **Ny fipetrahanana manakaiky orinasa na toeram-pambolena indostrialy** dia mety hanimba anao amin'ny akora simika misy poizina izay mety hiteraka fahasamponan'ny zaza. Jereo ny **Torolalana Mikasika ny Fahasalaman'ny Tontolo Iainana**.

7. **Raha misy rohim-pihavanana ireo mpivady** (zanak'olona ny mpiray tampò ohatra), ambony be ny tahan'ny mety hahasampona ny zaza na hahameda ara-tsaina azy. **Njola maso, mihoatra ny isan'ny ratsan-tanana na tongotra, bila, sima, na loaka lanilany** ny fahasamponana mateti-pitranga. Mba hampihenana ireo sy ny olana hafa dia aza manambady havana. Ary raha miteraka zaza misy fahasamponana mihoatra ny iray ianao dia eritrereto ny tsy hiteraka intsony (jereo ny Fanabeazana aizana, Toko 20)




HYPOTHYROIDISM




Raha misy fahasamponana avy any am-bohoka ny zanakao dia ento eny amin'ny tobim-pahasalamana. Matetika dia misy zavatra azo atao.

- ◆ Ho an'ny maso njola, jereo p. 223.
- ◆ Raha misy rantsan-tanana na tongotra kely mihoatra ka tsy misy taolana dia afatory mafy be eo amin'ilay izy ny tady. Ho maina izany ary hilatsaka. Raha lehibe kokoa izany ary misy taolana, na avelanao eo izany na esorinao amin'ny alalan'ny fandidiana.



- ◆ Raha mivilana miditra ny tongotry ny zaza vao teraka na tsy toy ny mahazatra (bila), ezaho folahana amin'ny endriny tokony ho izy izany. Raha mora aminao ny manao izany dia averimbereno im-betsaka isan'andro. Ireo tongotra roa (na tongotra iray) dia tokony hiverina moramora amin'ny tokony ho izy.

Raha tsy vitanao ny mamolaka ilay tongotra hiverina amin'ny tokony ho izy dia ento eny amin'ny tobim-pahasalamana eo no eo izy, afaka fehezina eo amin'ny toerana tokony ho izy ireo tongotra na atao anaty platira. Raha te hahazo vokatra tsara dia zava-dehibe ny manao izany 2 andro aorinan'ny nahaterahany.



BILA

MISY PLATIRA

- ◆ Raha misaraka roa ny molotry ny zaza na ny tampon'ny vavany, mety ho sahirana amin'ny finonoana izy ary mila omena nono amin'ny sotrokely na atete. Afaka didiana ka atao manana endrika toy ny tsy misy olana ilay molotra sy lanilany. Ny fotoana tsara amin'ny fandidiana matetika dia ny faha-4 hatramin'ny faha-6 volany ho an'ny molotra ary ny faha-18 volany ho an'ny lanilany.


SIMA SY  
LOAKA LANILANY

7. **Ny fahasarotam-piterahana** indraindray dia miteraka **fahasimban'ny ati-doha** izay miteraka **fihinjitsinjitry** ny zaza na **fanintona**. Ny tahan'ny mety hisian'ny fahasimbana dia ambony be tokoa raha miadam-piaina ilay zaza teo am-piterahana, na notsindronin'ny mpampivelona fanafody hanafainganana ny fiterahana na 'manome hery' ilay reny (p. 266) alohan'ny hahaterahan'ny zaza.

**Tandremo tsara ny mpampivelona safidinao—ary aza avela mampiasa fanafody hanafaingana ny fiterahana aminao ny mpampivelona.**

Raha mila fanazavana fanampiny mikasika ny zaza misy fahasamponana hatrany am-bohoka dia jereo ny *Ankizy Manan-kilema eo An-tanàna*, Toko 12.

## Zaza Mifanintona (Fipararetran'ny Ati-doha)



Tongotra  
mifanitsaka  
toy ny hety



Ny zaza mifanintona dia mihenjana sy mihinjitra ny hozany ary tsy vitany ny mifehy izany. Mety hiolanolana ny tarehiny, ny hatony na ny vatany ary hafahafa ny fihetsiny. Matetika ny hozatra mihenjana ao anatin'ny tongony dia mitarika azy ireo hifanitsaka toy ny hety.

Rehefa teraka ny zaza dia toy ny zaza tsy misy olana na mety halemilemy kely. Ny fihenjanana dia hitranga rehefa miha lehibe izy. Mety ho meda ara-tsaina izy na tsia.

Ny fahasimban'ny ati-doha izay miteraka fipararetran'ny ati-doha matetika dia ateraky ny fahasimban'ny ati-doha teo am-piterahana (raha tsy miaina haingana ilay zaza vantany vao teraka) na avy amin'ny menenzita nahazo azy tamin'ny mbola kely.

Tsy misy fanafody manasitrana ny fahasimban'ny ati-doha izay mahatonga ny zaza hifanintona. Saingy mila fikarakarana manokana ilay zaza. Mba hisorohana ny fihenjanan'ny hozatra eo amin'ny ranjo na ny tongotra, ahitsio ary aforeto **moramora kely** im-betsaka isan'andro izany.

Ampianaro hivadika, hipetraka, hitsangana—ary raha azo atao dia ampianaro mandeha (toy ny ao amin'ny p. 314) ilay zaza. Amporisiho izy hampiasa ny sainy sy ny vatany araka izay azony atao (jereo p. 322). Na dia manana olana eo amin'ny fitenenana aza izy dia mety ho tsara ny sainy ary afaka hianatra zavatra maro izy raha omena fahafahana hanao izany. **Ampio izy hanampy ny tenany.**

Raha mila fanazavana fanampiny mikasika ny fipararetran'ny ati-doha dia jereo ny *Ankizy Manankilema eo An-tanàna*, Toko 9.

### MBA HISOROHANA NY FAHATARANA ARA-TSAINA NA FAHASAMPONANA HATRANY AM-BOHOKA MAHAZO NY ZANANY, NY VEHIVAVY IRAY DIA TOKONY HANAO IRETO ZAVATRA IRETO:

1. Aza miteraka amin'ny zanak'olona mpiray tampò aminao na havana akaiky.
2. Mihinana sakafo araka izay azo atao rehefa mitondra vohoka: tsaramaso, voankazo, legioma, hena, atody, ary sakafo vita amin'ny ronono betsaka araka izay azonao atao.
3. Mampiasà sira misy ioda fa tsy sira tsotra, indrindra mandritra ny fitondrana vohoka.
4. Aza mifoka sigara na misotro toaka mandritra ny fitondrana vohoka (jereo p. 149).
5. Rehefa mitondra vohoka, fadio ny mihinana fanafody raha azo atao—aza mampiasa afa-tsy ireo fantatra fa azo antoka.
6. Aza miasa amin'ny orinasa mampiasa akora simika be dia be ary aza mampiasa fanadiovana misy akora simika matanjaka ao an-trano.
7. Rehefa mitondra vohoka, alaviro ny olona voan'ny bonibony.
8. Tandremo ny tsara ny mpampivelona safidiana— ary aza avela mampiasa fanafody hanafainganana ny fiterahana na 'manome hery' ny mpiteraka ilay mpampivelona (jereo p. 266).
9. Ary raha miteraka zaza misy fahasamponana mitovy mihoatra ny iray ianao dia aza miteraka intsony (jereo ny Fanabeazana Aizana, p. 283).
10. Aza mieritreritra ny hiteraka intsony rehefa mahatratra 35 taona.

## Miadam-pitombo ankapobeny mandritr'ireo Volana Voalohany



Ny zaza sasany izay salama teo am-piterahana dia tsy mitombo tsara. Miadana ny fitombon'ny sainy sy ny vatany satria tsy mihinana sakafo be otrikaina izy. Mandritra ireo volana vitsy iainana, ny ati-doha dia mitombo haingana be mihoatra ny fotoana hafa rehetra. Noho izany antony izany dia zava-dehibe ny sakafon'ny zaza vao teraka. Ny nonon-dreny no sakafo tsara indrindra ho an'ny zaza vao teraka (jereo ny Sakafo Tsara Indrindra ho an'ny Zaza, p. 120).

## Aretin'ny Sela Mena (Tsy Fahatomombanan'ny Sela mena)

Misy zaza afrikanina sasany (tsy dia tena mateti-pitranga any Inde) no voan'ny 'fahalemena eo amin'ny rà' vao teraka, izay antsoina hoe aretin'ny sela mena. Io aretina io dia avy amin'ny ray aman-dreny, izay tsy mahalala matetika fa tsy tomombana ny sela menan'izy ireo. Mety ho salama tsara ny zaza mandritra ny 6 volana, avy eo dia miseho ny famantarana.

### Famantarana:

- mafana sy mitomany be
- mivonto ny tongotra sy ny ratsan-tanana indraindray izany dia maharitra 1 na 2 herinandro
- be kibo ary mafy ny tampony
- tsy ampy rà, ary indraindray dia miloko mavo ny maso (ngorongosy)
- marary matetika ny zaza (mikohaka, voan'ny tazo, von'ny aretim-pivalanana)
- miadam-pitombo ny zaza
- eo amin'ny faha-2 taonany, misy mivonto eo amin'ny lohany



Ny tazo na otrikaretina hafa dia mety hiteraka 'fihetsehan'ny aretin'ny sela mena' miaraka amin'ny hafanana ambony be sy fanaintainana mahery vaika eo amin'ny sandry, ranjo na kibo. Miha mihombo ny tsy fahampian-drà. Ny fivontosana eo amin'ny taolana dia mety hamoaka nana. Mety ho faty ilay zaza.

### Fitsaboana:

Tsy misy fomba azo atao hanovana ny fahalemena eo amin'ny rà. Arovy amin'ny tazo sy ny aretina hafa izay mety hampihetsika ny 'aretin'ny zaza. Ento isam-bolana eny amin'ny mpiasan'ny fahasalamana izy mba ho zahàna sy omena fanafody.

- ◆ **Tazo.** Eny amin'ny faritra matetika hitrangan'ny tazo dia tokony omena fanafody tazo matetika ny zaza mba hanampiana azy hisoroka ny aretina (jereo p. 363). Ampio acide folique isan'andro izany (p. 392) mba hanomezana tanjaka ny rà. Ny fanafody misy fera (ferrous sulfite) dia tsy ilaina matetika.
- ◆ **Otrikaretina.** Ny zaza dia tokony atao vaksiny miady amin'ny kitroto, kohadavareny, ary raboka faran'izay aloha indrindra voalaza. Raha maneho famantarana fanaviana, kohaka, aretim-pivalanana, mivalan-drano matetika na fanaintainana eo amin'ny kibo, ranjo na sandry ny zaza dia ento manantona mpiasan'ny fahasalamana faran'izay haingana. Mety ilaina ny antibiotika. Omeo rano betsaka izy ho sotroiny, sy acetaminophen (p. 379) ho an'ny fanaintainana eo amin'ny taolana.
- ◆ **Fadio ny manao mangatsiaka.** Tafio bodofotsy mafana tsara izy amin'ny alina raha ilaina. Mampiasà kidoro malemy raha azo atao.

### FANAMPIANA NY ZAZA MBA HIANATRA

Rehefa mitombo ny zaza dia mahay amin'ny ampahany avy amin'ny zavatra ampianarina azy. Ny fahalalana sy ny fahaizana azony any an-tsekoly dia manampy azy hamantatra sy hanao zavatra betsaka kokoa rehefa any aoriana. Zava-dehibe ny fianarana.

Saingy mahavita be ny zaza avy amin'ny fiaiarany ao an-trano na any anaty ala na eny an-tsaaha. Mahay izy amin'ny alalan'ny fijrena, fihainoana ary ny fanandramany ny zavatra ataon'ny hafa. Tsy dia mampianatra na inona na inona azy izay lazain'ny olona, tsy toy ny fijereny ny fomba fanaon'izy ireo. Ny sasany amin'ireo zava-dehibe indrindra azo ianaran'ny ankizy—toy ny hatsaram-panahy, fandraisana andraikitra, ny fifampizaràna—dia afaka ianarana amin'ny fanomezana ohatra tsara fotsiny ihany.

Ny ankizy dia mianatra avy amin'ny traikefa. Mila mianatra ny manao zavatra ho an'ny tenany manokana izy, na dia manao fahadisoana aza izy. Rehefa mbola kely ny zaza dia arovy amin'ny loza. Saingy rehefa miha lehibe kosa dia ampianaro hikarakara ny tenany. Omeo andraikitra izy. Hajao ny fiheviny na dia tsy mitovy amin'ny anao aza.

Raha mbola kely ny zaza dia tsy mihevitra afa-tsy ny hanao izay zavatra tiany ihany. Aty aoriana dia ho hitany ny halalin'ny fahafinaretan'ny fanampiana sy ny manao zavatra ho an'ny hafa. Raiso ny fanampian'ny ankizy ary ataovy fantany ny halehiben'izany.

Ireo ankizy tsy matahotra dia mametraka fanontaniana. Raha maka fotoana hamaliana ny fanontanian'izy ireo mazava sy amin-kitsim-po ny ray aman-drey, mpampianatra ary ireo olona hafa—ary miteny hoe tsy hainy rehefa tsy mahay—dia hitohy hametra-panontaniana hatrany ilay ankizy, ary rehefa mihà- lehibe izy dia mety hiaroka fomba hanatsarana ny manodidina azy, na ny tanànan'ny mba ho toerana tsara iainana.



Ny sasany amin'ireo hevitra tsara indrindra hanampiana ireo ankizy hianatra sy handray anjara ao anatin'ny fikarakarana ny fahasalaman'ny fiaraha-monina dia namboarina tamin'ny alalan'ny tetik'asa ho an'ny ankizy. Izy io dia resahina ao amin'ny Manampy Ireo Mpiasan'ny Fahasalamana Hianatra, Toko 24.



Na manorata amin'ny:

The Child-to-Child Trust  
Institute of Education  
20 Bedford Way  
London WC1H 0AL  
England

Tel: +44 (0) 207-612-6649

Fax: +44 (0) 207-612-6645

E-mail: [ccenquiries@ioe.ac.uk](mailto:ccenquiries@ioe.ac.uk)

[www.child-to-child.org](http://www.child-to-child.org)